# 365Tantara 50.Ilay hany tsy maty taorian'ny faharendrehan'ny sambo



# 50.Ilay hany tsy maty taorian'ny faharendrehan'ny sambo

Ilay sisa velona dia natopan'ny onja teny anivon'ny nosy kely tsy misy mponina.

Nivavaka niantso vonjy tamin'Andriamanitra izy, ary isan'andro dia tsy mitsahatra ny mitazana ny fara-vodi-lanitra izy, sao mba misy tonga hamonjy azy.

Nefa toa tsy misy na inona na inona mitranga...

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Efa reraka izy vao nahavita nanangana trano bongo mba hialofana sy hametrahana ireo entakeliny.



# Izay nohalehibeaziny araky ny fotoana...

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Indray andro anefa, rehefa tafaverina avy nitady izay ho haniny izy, dia nahita ny trano bongo nirehitra.
Tapitra kila sy may ny rehetra ..



Sady nalahelo izy no tezitra.
"Andriamanitra ô, nahoana no dia nataonao toy izao aho?", hoy ny fitarainany.



Vao nangiran-dratsy ny ampitson'io, taitra izy nandre sambo avy nanatona ilay nosy. Tonga hamonjy azy izy io.

- Fa ahona no nahafantaranareo fa eto no misy ahy? hoy ralehilahy, gaga, tamin'ireto olona tonga hanavotra azy.

- Hitanay ny donatsetroka famantarana nataonao , hoy ny navalin'izy ireo.

Mora tonga ny fahakiviana rehefa misy ny tsy fetezan-javatra. Nefa tsy tokony ho very toky mihintsy.

Miasa eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra , na dia eo aza ny alahelo sy ny fahoriana. Tsarovy amin'ny manaraka raha toa ka mirehitra ny trano bongokelinao, dia angamba tsy inona fa donatsetroka famantarana ny fihavian'ny famindrampon'Andriamanitra.